

NY MAHA KANTO NY LAHATSORATRA



1. Famaritana ankapobeny

Ny atao lahatsoratra dia fanambarana fehezanteny maromaro hamoaka hevitra feno sy mazava, manaraka drafitra natao hampitana hafatra.

Ny atao hoe kanto dia ireo mihataka amin'ny andavanandro, manintona, mandresy lahatra, mahafinaritra, mateza dinihana ary mambambo ny fo sy saina amam-panahy.

Araka izany ny atao hoe lahatsoratra kanto dia andiam-pehezateny maro, manara-drafitra, mahalaza hevitra mazava, miteraka **ako** sy fihetseham-po eo amin'ilay olona mihaino sy mamaky azy.

2. Ny maha-kanto ny lahatsoratra

Miompana amin'ny zavatra 2 ny fandinohana ny kanto eo amin'ny lahatsoratra dia :

- Ny endrika ivelany
- Ny endrika anatiny

2.1 Ny endrika ivelany:

Fampiasana teny

Ny filalaovana amin'ny feo

- Famerimberenana feo amina fehezanteny na andalana
- Oh: Misy osy fotsifotsy fito fotsifotsy foto-tsotofina ao (tamberim-peo f)*

Ny tamberin-teny anaty fehezanteny

- Famerimberenana teny, andian-teny, fehezanteny ka mety tsy hiova ny toerany, ny endriny, ny heviny.

Oh: Tiako ho fantatrao fa tiako ianao (tamberin-teny tiako)

Misy karazany maromarony tamberina: tamberim-pototeny, tamberim-boateny, tamberina an-dohany sy am-parany ary anaty.

- **Ny tamberim-pototeny**

Oh: Mbola misy koa ireo mpihira tsy mihira (tamberim-pototeny hira)
Aza mampijaly an'ireo olona efa mijaly ianareo

- **Ny tamberin-teny andoha sy amparam-pehezan-teny**

Oh: Iza no tia ahy? Iza no mba hahatsiaro ahy? Iza no mba hitomany ahy?

Ny koram-pianakaviana tsy feno intsony ho korana

- **Ny tamberin-teny mitovy rafitra**

Oh: Mifanampy sy mifampitsimbina ny mpiara monina (samys ahitana tsirin-teny sosona)

Ny rafitry ny fehezanteny:

Tso-draftra na mivadi-draftra (izay hita mibahan-toerana eo amin'ny lahatsoratra)

Ny tso-draftra: manasongadina ny EM

Ny mivadi-draftra: manasongadina ny L

Ny fehezanteny mitovy rafitra:

Ny fehezanteny mitovy rafitra dia mampitovy isan'ny teny ampisaina mandrafitra ny an-dalana n any fehezanteny, ka amin'izany izy dia mety hitovy isa tanteraka na mihena na mitombo.

Misy karazany telo izy:

- **Mitovy rafitra, mitovy vahana**

Oh: Izaho valiha. Ianao lokanga

- **Mitovy rafitra mitombo vahana**

Oh: Raha vazaha no mitady asa, amoronana

Raha Malagasy no mangata-draharaha dia lazaina fa tsy misy ny toerana

- **Mitovy rafitra mihena vahana**

Oh: Vorona tao amin-dRasoa no namahanana ny olona nasaina

Vary tao an-tsopitra no noloarina

2.2 Ny endrika anatiny:

Ny fomba fanehoana ny hevitra indray no jerena amin'io:

- Ny fomba filazan-javatra mihataka amin'ny anadavanandro mba hanehoana hevitra dia anisan'ny maha kanto ny lahatsoratra.

Koa anisan'ny ahitana izany ireto manaraka ireo

Ny fampiasana ny teny roa mifanohi-kevitra

Filazan-javatra natao hanatitranterana na hanamafisana

Oh: Ny mahihitra no lany be

Ao anatin'ny mangidy no misy ny mamy

Ny fanalefahan-kevitra

Filazan-javatra tsy dia natao handratra loatra

Oh: Olona efa somary zokinjokiny ihany ny vadiny (olona efa antitra ihany ny vadiny)

Ny filaza masaka

Filazan-javatra tafahoatra noho ny tokony ho izy

Oh: Tena dondrona mihitsy ianao ity (tsy mahay)

Ny fanovana endri-javatra

- Fampifampifanandrinana toe-javatra roa samihafa tanteraka, ny iray atao hoe A ny iray atao hoe B, ka rehefa omena an'i B ny toetra na fihetsika na asa ... an'i A dia lasa mitovy izy roa, izany hoe A = B.

Oh: Mangidy ny fahoriania nahazo ahy

A= zavatra manana tsiro mangidy ohatra vahona

B= fahoriania

Ny toetra mangidin'ny vahona dia atafy ny fiainana, dia lasa A = B

Ny fanoharana

- Mitovy amin'ny fanovana endri-javatra ihany saingy tsy maintsy ahitana singa efatra na dia mety ho takona aza ny singa sasany: ny oharina, ny anoharana, ny teny savily (toy ny, tahaka ny, sahala amin'ny, ohtry ny, ...) entina manohatra ary ilay toetra iraisana. Efa fantatra mialoha ny fisian'ilay toetra iraisana.

Oh: Mibaliaka toy ny masoandro ny endrikao

Ny filazan-javatra manao antanatohatra

- Filazan-javatra manao ambaratonga miakatra na midina, tsy miara-miseho elanelanina mpampitohy: faingo, sy, ary, no, sady, ihany koa, ...

Oh: Notantanany aho dia nivoaka ny fiara izahay ary niditra tao an-trano

Ny tsipoy tonga akoho, ny akoho tonga ondry, ny ondry tonga omby

Ny fampiasana ny teny tsy fampiasa andavanandro

➤ Filazan-javatra amin'ny alalan'ny teny tsy fampiasa matetika, mbola takarina ny heviny nefá misy fomba mahazatra ahafahana manao izany.

*Oh: Ireo vahoaka be miara miasa ireo no atao hoe tsy mandalo saha
(tsy mandalo saha = mazoto)*

Mandra-panjofotry ny andro ianao mipaipaika manalama ireto vato ireo foana

(mandra-panjofotry ny andro = mandrapahafaty ny masoandro)

Ny fampiasana ohabolana:

➤ Filazan-javatra amin'ny alalan'ny fehezanteny tsara rafitra, tototra sarin-teny sy ohatrohatranoforoinin'ny Ntaolo.

Oh: “Izay sahy maty mifono lambamena”

Entina handresena ny hakanosana

3. Tenina mpandinika sy mpanoratra

RANDRIAMIADANARIVO : “Kanto” izay tsara, tonga lafatra ary fenitra amin’izay tena maha izy azy.

Clarisse RATSIFANDRIAMANANA: “Kanto” izay mahatratrany toeatra ambony amin’ny fahatsarana.

Esther RANDRIAMAMONJY: “Ny maha-kanto ny lahatsoratra iray dia izy mampita hevitra ombam-pihentseham-pon’ny mpanoratra amin’ny fomba kanto mahalina ny mahasarika ny saina avy hatrany, mahatonga ny mpankafy azy ho resy lahatra amin’ny lafiny maro”